LEMAK'I BETSIMITATATRA

## Nanampy ireo tantsaha nanetsa ny depiote Todisoa A.

Ny depiote avy amin' ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra dia miara-mihosina sy manampy ny tantsaha hatrany ao amin'ny fari-piadidiana nahavoafidy azy. Sady mirotsaka an-tsehatra no mamaha ny olan'ny tantsaha ity olom-boafidy ity, tsy mijanona fotsiny eny amin'ny Lapa izy, fa midina ifotony manampy ara-pitaovana sy ara-bola ireo tantsaha eny Ambohimanarina sy ny manodidina. Mandray anjara mavitrika amin'ny asa fitarihana ny rano manondraka ny tanimbary koa izy. Vary sy rano ny depiote Todisoa sy ny tantsaha, ka an-tanàna tsy mifanary, an-tsaha tsy mifandao.

Fotoana fanetsena amin' izao fotoana eny amin'ny lemak'i Betsimitatatra iray manontolo, koa mitsodrano ny rehetra ny solombavambahoaka Todisoa, hamboly hahavokatra, ho lavitry ny loza ny fambolena ary hotahin'ny Tompo ny asa rehetra.



*Ny depiote Todisoa, miara-miasa amin'ireo tantsaha ao amin'ny Boriboritany faha-6 Antananarivo.*

***Isambilo***

Fanakatonana ny AAA

## Fatiantoka lehibe ho an'ny mpiompy sy ny mpiasa

Resaka nafana tato ho ato ny fanakatonana ny orin'asa AAA tany Antsirabe, izay renivohitry ny faritra Vakinankaratra, asa raha finfandrifin-javatra, fa talohan'izany rehetra izany dia nitsidika sy nandalo taty an-toerana ny Filohan'ny Repoblika. Ny hita sy tsikaritry ny maro dia taorinan'izay dia tonga ny fanagejana sy fanakatonana ny orin'asa AAA, resadresaka nifanaovana tamin'ireo olona miasa sy mivelona amin' ny famokarana ronono no nanehoan'izy ireo fa fatiantoka sy fahavoazana ho an'ny mpiompy sy mpamokatra ronono ireny zavatra natao'ny fanjakana ireny, fanontaniana napetraky izy ireo ny hoe: nahoana no anaty vanimpotoana tahaka izao no misy fanagiazana sy fanakatonana orin'asa, iarahamahalala raha teo koa mantsy hoy izy ireo hatrany, fa mora simba ny ronono, ka ho an'ny tantsaha mpiompy izany dia ny azo androany no hinanana androany, samy naneho ny alahelony ireo mpiompy sy mpamokatra ronono, ka ny niraisan'izy ireo tamin'izany dia ny hoe tokony hisy firesahana eo amin'ny tompon'ny orin'asa sy ny fanjakana aloha, vao mandray fanapahan-kevitra tahaka izao ny fanjakana, fa tsy tapohana amin'ny fanakatonana ny mpiasa sy ny tantsaha.




***Nofy Andrianjaka***

## Mazotoa mihira

### O ISA E ! O ISA A!
### Tarika Razafimahatratra René

Fototra iorenan'ny fahendrena Malagasy " ny fanahy no olona", hira mifandraika amin'izany indray no atolotra anao, koa antenaina fa sady hihira amin-kafaliana ianao no voakolokolo ny fo sy ny fanahy anatinao.




O isa e ! o isa a!
Isak'izay mahatsiaro anao
Dia malahelo o
O roa e! o roa a !
Norohizan'izay olontiako anie aho
Ka tsy afa-miala
O telo e ! o telo a!
Teneo amin'ny ratsy efa vitako aho
Fa mbola adala
O efatra e! o efatra a !
Hanafarako fara amandimby
Izay tsy mahalala
O dimy e! o dimy a
Diniho amin'ny soratra masina aho
Fa hanambady
O enina e! o enina !
Tsy hanenina alohan'ny ratsy anie aho
Ka aza fady
O fito e ! o fito a!

Fitiavana mahay mifanaja re
No tsara indrindra
O valo e! o valo a!
Ivalozako izay ratsy vitako
Fa sao mandatsa
O sivy e! o sivy e !
Tsy ho kivin' ny fanantenako re
Fa manantena
O folo e ! o folo a!
Efa folakin'ny ankehitriny anie aho
Vao hitanao

Na tsara tarehy aza ianao
Ka tsy ao aminao ny fanahy
Ankosobolamena
Mamiratra jerena

*Mpamorona: Razafimahatratra René*
*Mpihira : Tarika Razafimahatratra René*

## Sakafo Ny Valosoa



Saosisy sy sôsety indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia sy ro matsatso anana sy angivy koa miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fisorohana ny ankizy mamany am-pandriana

Fomba fisorohana ny ankizy mamany am-pandriana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Fa maninona ny zaza no mipipy na mamany am- pandriana?

1. zaza tsy ampy tambitamby.
2. jereo inona no fiovana… zaza vao teraka, tokantrano mikorontana, vady mamono , fianarana misy ankizy mandrahona na mampatahotra azy.
3. ny tokony hatao: tsy omena rano intsony aorian'ny amin'ny 6 ora hariva.
4. fohazina in-droa na in- telo amin'ny ny alina izy.
5. Avelao ny zaza hizara ny ao am-pony, fa afaka ho azy io.

Ampanaovy taty rehefa mbola tsy mahatsiaro fa tsy mety .

Ity indray....

6. na lahy na vavy, na lehibe na kely, mianara mitazona pipy.

a.manisa 1- 10. Alefa ny pipy.
b.manisa 1- 10 tazomina.
d.averina a sy b .

Raha tonga dia alefa indray mandeha, lasa atao indimy.

Antony:

Mampatanjaka ny tatavý ny fanaovana an' io, indrindra ny olona diabetika.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Morafeno any amin'ny distrikan'i Sambava, faritra Sava

Ny tanànan'i Morafeno, any amin'ny distrikan'i Sambava, faritra Sava indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Morafeno ity tanàna ity, anisan'ireo kaominina mandrafitra ny faritra Sava izany kaominina izany. 140 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Toy ireo kaominina mandrafitra ny distrikan'i Sambava, vokatra any amin'ity tanàna ity koa ny vokatra fanondrana lavanila. Amin'ny maha-kaominina ambanivohitra azy, azo lazaina ho saro-dalana ny mihazo an'i Morafeno.

